

## FANAMBARANA

Notanterahina anio talata 19 Aprily 2022 ny valandresaka nataon'ny Tale Jeneralin'ny OMH, Andriamatoa Olivier JEAN-BAPTISTE tamin'ny mpanao gazety momba ny famatsiana solika eto Madagasikara, izay nampahafantarany ny rehetra fa tonga soamatsara ao amin'ny seranatsambon'i Toamasina omaly talata tamin'ny iray ora sy sasany tolakandro, ny sambo mpitatitra solika Hafnia Asia, araka ny fanambarana natao tao amin'ny pejy facebook ny OMH ny asabotsy 09 Aprily lasa teo.

Mitondra solika Super Carburant 18 000 m<sup>3</sup>, sy Gasoil 52 800 m<sup>3</sup> ary Solitany fandrehitra 3 700 m<sup>3</sup> io sambo io, vokatra izay ho aparitaka manerana ny Nosy araka ny fandaminana ny famatsiana toy ny efa fanao. Tsara marihana fa ny fepotoana fivezivezen'io sambo io dia manodidina ny 30 hatramin'ny 35 andro eo, ka eo anelanelan'ny 22 - 26 May 2022 any ho any no hiverina hamatsy an'i Madagasikara indray i Hafnia Asia.

Mitohy tsy ankiato ny famatsiana solika ny firenena arak'izany, ka ambara fa ampy tsara hamaliana ny filàn'ny mpanjifa ny tahirin-tsolika, izay efa mihoatra ny 60 andro ankehitriny, raha ampifanampiana ny tahiry efa nisy teto an-toerana sy ny solika vao tonga noentin'ity sambo ity.

Nambara nandritra ny fihaonana ihany koa fa niakatra 15% ny fanjifàna solika eto Madagasikara tao anatin'ny telo volana voalohan'ny taona 2022, raha noharina tamin'ny fanjifana tamin'ny taona 2021.

Raha ny momba ny vidin-tsolika kosa indray dia ny Fanjakana ihany no mametra ny vidiny. Mitohy hatrany ny fandinihina sy fifampirarahana mikasika izany, ary mbola an-dalam-pandinihana izany ny Governemanta sy ireo orinasa mpanafatra sy mpaninjara solika miasa eto an-toerana.

Ny Fitaleavana ankapobeny